Ny LS-LT-LH:
Ireo LT (lohatarika) - LS (lohatsokajy) - LH (loholona)dia skoto nofidian'ireo skoto namany ihany (hoan'ny fivondronana vao misokatra), fa kosa isan'ireo tinaiza tranainy sy za-draharaha indrindra ao amin'ny "unite" misy azy (hoan'ireo fivondronana efa mitsangana). Izy ireo no mitarika sy mifehy ny skoto namany.

FANENDRENA SY NY ANDRAIKITRA

Ny Zoky (ZK):

- Tanora nanolotena no afaka manao Zoky any amin'ny fivondronana vaovao, kanefa tsy maintsy mamonjy ny lasy fanofanana Zoky izy ireo , izay vao azo lazaina fa Zoky
- Hoan'ireo fivondronana efa niorina kosa dia tanora efa nandalo sampana mena no atao zoky ! raha tsy misy izany dia mahazo mampiditra zoky tsy mbola nanao skoto izy, kanefa dia tsy maintsy mandalo lasy fanomanana tahaka ny etsy ambonyihany,
- Ny ZK no mitarika sy mifehy ny sampana misy azy (na mavo , na maitso, na mena)
- Mitovy zo avokoa ny Zoky na sampana mavo izy na maitso na mena, fa ny ambaratonga kosa no tsy mampitovy zo azy (misy ny manana "grady" ambaratonga 1, misy ny ambaratonga faha2, misy ny ambaratonga faha 3, ary misy ny mihoatra izany, arakaraky ny ezaka vitany sy ny toetrany tato amin'ny fikambanana)
- Manao fanoloran-tena eo anatrehan'ny fiangonana ny zoky mahafeno ny fepetra, ary ny Ekipa nasionaly no mitarika izany tarazo izany.
- Marihina fa manomboka eo amin'ny fizokiana ka hatrany amin'ny ekipa nasionaly dia Tompon'andraikitra na "Responsable" ilay mpikambana ka tsy azo ankinina ary tsy miankina amin'ny hevitry ny ray amandreniny na ny vadiny intsony ny fanatanterahany ny andraikiny ato amin'ny fikambanana. (Tsy misy Zoky "hieràna na alaina sy aterina" any amin'ny ray amandreniny na ny vadiny izany, fa tompon'andraikitra feno amin'ny fitondrana ny tenany sy ny andraikitra nekeny izy)

Ny **Ekipa nasionaly** na antsoina ihany koa hoe "Filoha"no mampijanona ny Zoky amin'ny asany raha sanatria misy antony hilàna izany, azon'ny Komity mpiahy atao anefa ny mangataka izany raha misy antony mazava,

Ny Tonia sy ny Tonia mpanampy

- Ny anarana hoe **Tonia** dia midika hoe **"Talé"** na Directeur ihany koa;
- Zoky notendren'ny Ekipa Nasionaly izy , na koa lany tamin'ny fifidianana teo amin'izy samy mpanabe (marihina fa misy fepetra teknika ny fitoniavana ; tsy maintsy izay manana ny ambaratonga ambony indrindra no afaka manao tonia, raha misy anakiroa ao amin'ny fiondronana dia ilaina ny manao fifidianana, ka izy samy zoky no manao ny fifidianana). Mety hisy fotoana koa anefa tsy hisian'ny Tonia ao amin'nyfivondronana , ka ireo Zoky rehetra no mifanampy manao ny asan'ny Tonia.
- Rehefa hita izay ho tonia dia mandefa taratasy any amin'ny Ekipa Nasionaly ny Tonia na izay ho tonia, ka asiana ny sonian'ny Komity mpiahy izany taratasy izany,
- Apetraka amin'ny fomba skoto (ceremonie) eo anatrehan'ny fiangonana ny "Tonia" ka ny Ekipa Nasionaly no miandraikitra izany.

Ny Komity mpiahy: (Biraon'ny ray amandrenin'ny Tinaiza)

- Vondron'olona aorin'ny ray amandreny ny antsoina hoe Komity Mpiahy, manana birao sy mpanolon-tsaina izy !
- Mety ho tendrena ihany izy ireo amin'ny voalohany (hamehana)

- Fifidianana malalaka kosa no ataon'ireo samy ray amandrenin'ny tinaiza (hoan'ireo fivondronana efa niorina) fifidianana hifanaovan'ireo ray amandreny skoto ihany io .
- Ireo ray amandreny no manao fivoriam-be ary dia mandritra izany no hanaovana ny fifidianana, ireo ray amandreny tonga ao no mifidy , tsy mifidy kosa ny mpanabe (Zoky sy Tonia) fa manampy amin'ny fandaminana fotsiny ihany. arakaraky ny rafitry ny fiangonana ny faharetan'ny taom-piasan'io komity io.
- Hitantsika eto ary fa rafitra roa miavaka tsara ny an'ny manao fanamiana (Skoto mpanabe sy tinaiza) ary ny an'ny ray amandreny (komity mpiahy) kanefa dia natao hiara-miombon'antoka mba hampahomby ny fanabeazana, Tahaka ny miaramila sy sivily izy, tahaka ny Sekoly sy ny FRAM (fikambanan'ny ray amandrenin'ny Mpianatra).Tsy mifidy na manala Mpikambana ao amin'ny Komity mpiahy ny mpanabe, anjaran'ny fikambanan'ny ray amandrenin'ny tinaiza izany ! Torak'izany koa; tsy mifidy na manala Zoky (mpanabe na mpampianatra) ny ray amandreny, anjaran'ny rafitra skoto manao fanamiana izany.

NY FOMBA FAMPIHARANA NA FOMBA FIASA

Ao amin'ny fiangonana:

Ny fandaminana na ny baiko rehetra dia na miainga , na mandalo amin'ny Toniam-pivondronana avokoa izay vao raisin'ny skoto manao fanamiana rehetra.

- **Ny fampanaovana fanamiana ny tinaiza ohatra dia toy ny fampanaovana "tablier" ihany, ka ny zoky manao fanamiana na ny mpampianatra no mampanao izany!**

- Na dia ny Toniam-pivondronana aza no Talén'ny fivondronana dia mahavantana kokoa ny fiangonana ny mifandray amin'ny filohan'ny komity mpiahy rehefa te hifandray amin'ny skoto izy, zavatra "normale" ihany izany , (satria tsy skoto avokoa akory ny fiangonana, ka ahalala ny rafitra sy ny ambaratonga ato amin'ny skoto, rehefa hainy anefa izay dia hiova miandalana izany)
- Ny toniam-pivondronanana kosa no mandrindra amin'ny akapobeany ny fiainan'ny fivondronana, ny fifandraisana amin'ny sampana hafa, na ny vondrona skoto hafa, izy koa no mampifandray ny skoto amin'ireo komity mpiahy, afaka manatrika ny fivorian'ny komity izy raha ilain'ny Komity, ireo zoky kosa dia ny Tonia ihany no mampivory azy!
- Ny Tonia izany no manao "Tetezana mampifandray ny miaramila sy ny sivily"
- Ny komity mpiahy dia manara-maso ny fandaniana hampanaovin'ny zoky ny ray amandreny fandrao dia mihoatra ny "rariny" izany ! na misy fanararaotana!

Eo AMIN'NY HETSIKA SY PROGRAMA ISAN-KARAZANY

(Ny vola, ny fitaovana any amin'ny fivondronana…)

Ny idealy dia izao:

- Tsy miandraikitra ny fitadiavana vola, na fitaovana mihintsy ny ZOKY, fa anjaran'ny ray amandreny izany,
- Kanefa azon'ny skoto atao ny manampy ny ray amandreny (komity) @ fitadiavam-bola raha ilaina izany (fivarotana billet sns…)
- Ny fitantanana ny volan'ny fivondronana dia ny komity no miandraikitra azy, hanaovana asa sosialy sns…, Afaka manao fitadiavam-bola kosa anefa ny sampana (mavo-maitso –mena) rehefa voalaza sy nodinihina tao amin'ny biraon'ny Komity Mpiahy izany ! ary dia "volan'ny sampana (mavo maitso mena) manokana izay"
- Tsy izay fitakiana vola, na fanagatahana tadiavin'ny skoto akory dia tsy maintsy omen'ny Komity Mpiahy avokoa, fa zoan'izireo ny mitaky fanazavana sy manome soso-kevitra mikasika ny fandaniana @ hetsika iray.
- Tsy fananan'olona tsy akory ny volan'ny sampana , fa fananana iombonan'ny mpikambana , notadiavin'ny fikambanana, ary ampiasain'ny fikambanana.